



***Hisy hafaliana lehibe any an-danitra amin'ny  
mpanota iray mibebeka***

Ry Kristianina havana, efa alahady maromaro no nandalinantsika sy nibanjinintsika ireo lohahevitra hahatonga ny finoana ho latsapaka ao amintsika mba ho tena fianakaviamben'Andriamanitra, ho olo araiky amin'ny Trinite masina isika, ho Kristy olona velona manorina Eglisy Tranon'Andriamanitra, hahatonga antsika ho taranaka mpanorina tokoa, hanorina tontolom-piainana, tontolo iainana sy tontolom-pinoana araka ny sitrak'Andriamanitra. Mbola ao ampontsika ireny hafatra maro nafafin'i Papa ireny anjarantsika ankehetriny no mivelona azy ireny mba hamokatra tokoa ka hahatonga antsika Olo Araiky ho EOV manorina ETA ka zary taranaka mpanorina ho misionera amin'izao taona masina izao. Amin'izao alahady faha-24 mandavantaona izao dia mbola ampatsiahivin'Andriamanitra amintsika amin'ny alalan'ireo vakiteny androany fa Ray be fitiavana Andriamanitra ka na dia manao akory ny toetrantsika dia mandray antsika izy. Voalaza koa araka ny fampianarana fa tsy mandeha hoazy izany fa miankina amintsika sy ny ezaka ataontsika.

**Vakiteny I : Eks. 32, 7-11. 13-14**

**Salamo : Sal. 50**

**Vakiteny II : 1 Tim. 1, 12-17**

**Evanjely : Lk. 15, 1-32**

Ny fahazoana ny fahasoavana'Andriamanitra dia tsy maintsy miditra amin'ny varavarana tery isika, tsy maintsy misy ezaka, finiavana, fahafoizana amin'ny fiainantsika andavanandro.

Tsy tany malemy anorenam-pangady ny finoana fa tany lonaka hiasan'ny fahasoavan'Andriamanitra. Tsy azo atao ny misabaka raha miaraka amin'Andriamanitra, tsy azo atao ny manana fiainana maha Kristianina dia manao fiainana hafa koa amin'ny fanompoana sampy izay mamotika ny fiainantsika. Katolika aho mandalina ny finoako, Katolika aho mankalaza ny finoako, Katolika aho mandray antanana ny finoako. Izao tokoa ny fotoana tsara amenoina ny siny enin'ny fiainam-pinoana tahaka ny

hanirian'i Jesoa ny Mpanompo tao Kanà raha niangavian'i Masina Maria izy ireo : « Ataovy izay lazainy aminareo » : sinin'ny fivavahana, sinin'ny fandalinampinoana, sinin'ny fanompoana, sinin'ny fandraisana antanana, sinin'ny fivoriana, sinin'ny fankalazana.

Misy fotoana tokoa eo amin'ny fiainantsika mety hahakivy antsika ka amin'izao Alahady izao dia manasa antsika ireo vakiteny fa Ray aman-dReny tokoa Andriamanitra ka tsy mahafoy antsika fa Ray be famindrampo izy. Averimberina amintsika fa ny famindrampon'Andriamanitra izany dia mitondra antsika amin'ny tena fiadanana. Milaza amintsika ny Papa fa raha mivelona ny fifamelan-keloka sy ny famindram-po isika dia hanjaka amintsika tokoa ny fiadanana. Matoa mikorontana ny fiainantsika, ny fiainan'ny fianakaviana, ny Eglizy, ny fiaraha-monina, ny firenena dia satria tsy mbola eo anivontsika ny fifamelan-keloka sy ny fifamindram-po.

Asongadina amintsika amin'izao Alahady faha-24 izao, ry Kristianina havamalala aoka ho sokafantsika ny fontsika, hiverina ny saintsika, hiezaka hahay handray ny fampianaran'Andriamanitra tokoa ary indrindra handinika ny fiainantsika. Io no fampianarana voalohany indrindra voasangadina ao amin'ny Evanjely izay lazaintsika evanjely ny zaza mpandany fa raha ny tena marina dia tantaran'ilay Ray tsy lany fitiavana ka io no fanoharana nataon'i Jesoa. Fantantsika fa ireo zanaka na ilay faralahy na lahimatoa dia samy manana ny toetrary, matetika isika ohatry ny faralahy variana ka azon'ny rendrarendran'izao tontolo izao, voasarika amin'ny fampianarana diso mitarika antsika amin'izay manaratsy ny fianantsika ka lasa mirefarefa satria tsy mifanaraka amin'ny sitrak'Andriamanitra.

Andriamanitra tsy manery antsika, nanome antsika fahalalana Andriamanitra fa ny tena zava dehibe dia nomen'Andriamanitra saina handinika isika ka ampiasao hijerentsika aiza marina ny fiainantsika, inona ny hanorenantsika ny fiainantsika, zavatra mandalo miserana sy mahapotika ve ?

Ny tantaran'ilay tovolahy ao amin'ny evanjely manambara fa varimbariana izy ka lasa amin'ny zavatra marefo, nahazo fahafinaretana izy fa tonga saina. Ny fahatongavan'ny saina fa avy amin'ny Ray sy manana Ray izy dia nanampy azy hiverina ka hibebaka.

Ny vakiteny voalohany ao amin'ny Eksaody manambara fa varivarimbariana tamin'ny fanaovana sary omby fanompoana sampy ny vahoaka izay nanorina Andriamanitra hafa. Fakampanahy io satria mihevitra antsika fa hahavita tena samirery ary indrindra fitaka ka mahita Andriamanitra tsy izy. Ampatsiahivina antsika ry Kristianina havana, Alalino ny finoantsika satria ny sampy tena loza dia tsy ilay amboarin'ny tanantsika fa ny amboarin'ny saintsika sy ny fontsika. Ireny sampy tena mandoza ireny dia tsy inona fa ny fitiavan-tena vokatry ny fitiavam-bola, ny fialonana mahatonga antsika tsy hahatsiaro ny namana ka manapotika ny namana. Izany no ananaran'ny vakiteny voalohany, nanaovan'i Moizy fanelanelanana tamin'Andriamanitra. I Jesoa dia nanolotra ny ainy hanafaka antsika hahatonga antsika ho tena zanak'Andriamanitra miverin-dàlana ka tonga hanorina tranoben'Andriamanitra araka ny sitrak'Andriamanitra.

Ilay zanaka faharoa dia hahatarafana ny toetrantsika olombelona koa, matetika isika dia faly mitsikera ny hafa ary izany no manapotika ny fiainantsika satria tsy miray hina isika, tsy mikatsaka ny tena marina, tsy mifanao soa na mikatsaka ny soa iombonana fa mifanapotika. Tsy mahay mifandray ka izany no ananaran'ilay Ray ao amin'ny evanjely «Eo amiko mandrakariva ianao, ka aoka ny zandrinao maty tamy fahotana nefá velona indray ka andao hiara-paly».

Eglizy fianakavian'Andriamanitra isika ka enga anie hahay hifamela heloka sy handray ny famindrampon'Andriamanitra izay hitondra antsika amin'ny tena fiadanana. Izany no dikany hira ataontsika alohany mandray komonio izay fiombonana amin'Andriamanitra sy mampahery antsika handray ny olona manodidina antsika, mifanome fiadanana ka mandihy miravo. Hahay hifamela heloka isika, hahay hifampizara ny famindram-po, izany no fiadanana ny Tompo raha isika mifampizara ny fiadanana sy fifankatiavana izay mitondra antsika amin'ny tena fiombonana marina dia ny komonio eokaristia raisintsika.

Ry Kristianana havana, eo anivon'ny adim-piainana sy ny sedra maro isankarazany tahaka ny nanjo

an'ilay faralahy amin'ny fanoharana ao amin'ny Evanjely isika, misy fotoana dia latsaka ambany ny fiainantsika. Aoka ho fankaherezana antsika izao tenin'Andriamanitra manambara amintsika fa tsy araky ny hevitr'izao tontolo izao tokoa ny fiadanana omen'Andriamanitra satria mamerina ny zo maha zanak'Andriamanitra antsika ny Andriamanitra Ray. Hitantsika ao amin'ny eveanjely milaza ny Ray hoe « kiraroy ny tongony », tsy inona ny dikan'izany fa famerenana ny zo mahazanaka.

Tsara ho fantatra koa mba hialantsika amin'ny toetran'ilay lahimatoa dia ilay Ray milaza tamin'ilay mpanampy azy hikarakara ny zanany dia tsy iza io mpanampy io fa isika Kristianina dia isika tsirairay, ny Eglisy no lazain'ny Ray hikarakara ny zanany izay mahatsiaro tena diso, ireo akaikintsika, ireo rahalahintsika, ireo anabavintsika, rahavavintsika, kiraroy ny tongony, omeo hasina maha olona ireo manodidina antsika.

Milaza amintsika Andriamanitra fa tsy maintsy manana famindram-po isika, mifamela heloka isika ka amin'izay iainantsika tokoa ny voalazan'ny fanoharana, « Asio kiraro ny tongony, asio peratra ny tanany, maty ity zanako ity ka velona indray » Isika no mamelona ny manodidina antsika amin'ny alalan'ny sakramenta omen'ny Eglisy izay manampy antsika hihaina izany fifanajana sy fifamelan-keloka sy fifamindram-po, izany no antony ilàna ny mikonfesy.

Ny Ray niresaka amin'ilay lahimatoa mba hahatsapa ny lèlana tsy maintsy hizorana izany hoe hahatsapa isika tsirairay avy fa isika eo anivon'ny Eglisy tsy maintsy mandray ny hafa ka ho tanteraka tokoa ao anatin'ny fifamelon-keloka sy ny famindram-po ilay fiadanana voalazan'i Jesoa sy ilay fiadanana hifampizarantsika isaky ny mankalaza ny Eokaristia alohan'ny handraisantsika ny komonio izay mampiombona antsika amin'Andriamanitra sy amintsika samy antsika.

Vaovao mahafaly lehibe no ambaran'izao Alahady faha 24 mandavantaona izao.

Hahafahantsika araky ny fampianaran'i Md Paoly amin'ny taratasy ho an'ny Timote (1 Tim. 1, 12-17) : " *Dia izaho izay mpiteny ratsy fahiny, sady mpanenjika sy mpanao an-keriny; kanefa nahazo famindram-po aho, satria tsy fahalalana no nanaovako izany, noho izaho tsy mbola nanam-pinoana; fa nony nombàn'ny finoana amim-pitiavana izay ao amin'i Kristy Jesoa, dia nihopampana ny fahasoavan'ny Tomponsika.*"

Hitantsika ny vokatry ny fandraisana ny fifamelan-keloka sy ny fifamindram-po.

Nanana ny traikefa momba izany i Md Paoly ka tantarainy amin'ny taratasy nosoratany ka henontsika tamin'ny vakiteny faharoa androany. Isika tsirairay rehefa tena mivelona ny fifamelon-keloka sy fifamindram-po eo anivon'ny fianakaviana dia zary tena Eglisy velona ny fianakaviana ka mankalaza ny famindrampon'Andriamanitra « mihoampamana ny fahasoavan'Andriamanitra na dia tsy mendrika aza isika ». Na dia tsy mendrika itokisana aza izy dia tao amin'i Kristy no nandray ny fahasoavan'Andriamanitra ka tonga apostoly ary dia nananatra an'i Timote i Md Paoly.

Ry Kristianina havana mananatra atsika i Md Paoly hatoky an'izay famindrampon'Andriamanitra izay satria isika no be siasia, isika no mafy atoka fa Andriamanitra kosa tsy miova amin'ny fitiavany izy ary tsy mahafoy ka vonona hikarakara hanasoa atsika ka isika samy isika koa aoka hifampikarakara, hifanasoa, hifanompo mba ho ao amin'ny hafalian'Andriamanitra isika.

Ry Jesoa Kristy Tompo ô, amin'izao Alahady faha-24 mandavantaona izao, mazava ny fampianaranao anay. Ray Andriamanitra ary tsy lavitra izy fa Ray tena tsara fo, be famindram-po ary dia vonona handray anay mandrakariva. Ny fonao no mampibaribary an'izay famindrampon'Andriamanitra izay, ianao no endriky ny famindrampon'Andriamanitra. Koa enga anie izahay hahay hifandray koa ka hahay handray ny namanay izahay, hanana an'izay famindram-po izay izahay ka hifanao soa sy hifanatsara ary indrindra hifanome hasina ka hanome izay soa ho an'ireo namanay fa indrindra ireo voahilikilika, amin'izay dia hiadam-pinaritra ao aminao izahay ka ho feno hafaliana ny fiainanay ary handray izany hafaliana avy aminao izany izahay. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson